GAZETIM-PANJAKAN'NY REPOBLIKA DEMOKRATIKA MALAGASY
07 août 1982
Pages 1706 -1708

Didim-Panjakana Lahrana Faha-82-313 namorona ny fitànana bokin'andraikitra momba ny tany firaofam-bilona ho an'ny biby fiompy.

Ny Filohan'ny Repoblika Demokratika Malagasy,

Araka ny Lalàmpanorenana,
Araka ny hitsivolana laharana faha-60-127 tamin'ny 3 okotobra 1960 novan'ny hitisivolana laharana faha-62-121 tamin'ny 1 oktobra 1962,
Araka ny hitsivolana laharana faha-76-019 tamin'ny 24 mey 1976 manangana ny tribonaly manokana momba ny toe-karena isaka ny renivohi-paritany miandraikitra ny fitsarana ny fandikan-dalàna momba ny toe-karena na mikasika ny filaminam-bahoaka ao amin'ny fiharian-karena,
Araka ny hitisivolana laharana faha-77-068 tamin'ny 30 septembra 1977 manangana ireo tribonaly manokanan momba ny heloka bevava,
Araka ny hitsivolana laharana faha-76-044 tamin'ny 27 desembra 1976 mametra ny fitsipika mikasika ny fandaminanana, ny fomba fiasa ary ny anjara raharahan'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana,
Araka ny didim-panjakana laharana faha-77-223 tamin'ny 4 aogositra 1977 anendrena ny Praiministra,
Araka ny didim-panjakana laharana faha-77-223 tamin'ny 4 aogositra 1977, novan'ny didim-panjakana laharana faha-82-007 tamin'ny 15 janoary 1982 sy ny didim-panjakana laharana faha-82-073 tamin'ny 10 febroary 1982, anendrena ny mambra ao amin'ny Governemanta,
Araka ny tatitra nataon'ny Ministry ny Famokarana eny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany,
Eo am-pivorian'ny Minisitra,

Dia mamoaka izao didy izao :

Andininy voalohany. - Ao anatin'ny fandorona noho ny antony manokana ny tany firaofam-bilona ho an'ny biby fiompy voalazan'ny hitsivolana laharana faha-60-127 tamin'ny 3 okotobra 1960, dia atsangana any amin'ireo Fivondronana miompana amin'ny

Décret n°° 82-313 instituant la tenue de cahier des charges des pâturages.

Le Président de la République Démocratique de Madagascar,

Vu la Constitution,
Vu l'ordonnance n° 60-127 du 3 octobre 1960 modifiée par l'ordonnance n° 62-121 du 1er octobre 1962,
Vu l'ordonnance n° 76-019 du 24 mai 1976 portant création d'un tribunal spécial économique dans chaque chef-lieu de province chargé de juger les infractions d'ordre économique ou touchant à l'ordre public économique,

Vu l'ordonnance n° 77-063 du 30 septembre 1977 portant création de tribunaux criminels spéciaux,

Vu l'ordonnance n° 76-044 du 27 décembre 1976 fixant les règles relatives à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions des Collectivités décentralisées,

Vu le décret n° 77-222 du 31 juillet 1977 portant nomination du Premier Ministre,

Vu le décret n° 77-223 du 4 août 1977 modifié par le décret n° 82-007 du 15 janvier 1982 et le décret n° 82-073 du 10 février 1982 portant nomination des membres du Gouvernement,

Sur rapport du Ministre de la Production agricole et de la Réforme agraire,

En conseil des Ministres,

Décrète:

Article premier. - Dans le cadre des mises à feu exceptionnelles des pâturages, prévue par l'ordonnance n° 60-127 du 3 octobre 1960, il sera institué dans les Fivondronana à potentialité d'élevage de ruminants un plan de rotation de mise à feu.

fiompianan biby miraoka ahitra ny fandaharana momba ny fifandimbiasan'ny fandoroana.

And. 2 - Ny Sampan-draharahan'ny fampandrosoana ny ambanivohitra voakasik'izanydia handinika ireo zara-tany sy ireo velaran-tany hodorana, araka ny andiam-biby misy, ny karazana sy ny fomba fanirin'ny vilona.

Io drafitra, izay ataon'io Sampan-draharaha io isan-taona, dia ilàna ny fankatoavan'ny filohan'ny komity mpanatanteraka ao amin'ny Fivondronana.

And. 3 - Ny filohan'ny komity mpanatanteraka ao amin'ny Faritany rehefa hita ny fandaharana momba ny fifandimbiasan'ny fandoroana voalaza ao amin'ny andininy faha-2, no hanome ny fahazoan-dàlana handoro, rahefa nakana ny heviny ny Sampan-draharahan'ny fampandrosoana ny ambanivohitra, araka ny tovana ampiarahina amin'ity didim-panjakana ity.

And. 4. - Ny Sampan-draharahan'ny fampandrosoana ny ambanivohitra voakasik'izany dia hanomana bokin'andraikitra iray momba ny tany firaofan'ny biby izay tsy maintsy arahin'ireo tompon'omby ka ireo teny farafaraina amin'izany dia hita amin'ny tovana ampiarahana amin'ity didim-panjakana ity.

Ny filohan'ny komity mpanatanteraka ao amin'ny Fivondronana no hamarana io bokin'andraikitra io ka ny sosony iray amin'izany dia homena ireo tompon'omby izay hanasonia azy aorian'ny teny hoe : « hita, novakina ary ekena ».

Ilàna ny fankatoavan'ny filohan'ny komity mpanatanteraka ao amin'ny faritany io bokin'andraikitra io.

And. 5. - Afaka manokana vola hananganana tany firaofan'ny biby tsy voa-janahary ao anatin'ny faritaniny tsirairay avy ireo Firaisam-pokontany voakasik'izany. Io fepetra io dia tsy maintsy tanterahina any amin'ireo Firaisam-pokontany misy tany firaofam-bilona voa-janahary tsy ampy ho an'ny biby fiompy miraoka ahitra na eo amin'ny habetsahana izany na eo amin'ny hatsarana.

And. 6. - Miankina amin'ny fanatenterahana ireo fepetra voalaza ao amin'ny bokin'andraikitra ny fanomezanan fahazoan-dàlana handoro amin'ny manaraka.

Art. 2. - Le service du développement rural concerné étudiera les parcelles et les superficies à brûler, compte tenu du cheptel existant, de la nature et de l'état de végétation des espèces fourragères.

Ce plan établi annuellement par ce Service sera soumis à l'approbation du président du comité exécutif du Fivondronana.

Art. 3. - Le président du comité exécutif du Faritany délivrera au vu du plan de rotation prévu à l'article 2, l'autorisation de mise à feu après avis du Service du développement rural, conformément à l'annexe jointe au présent décret.

Art. 4. - Le Service du développement rural concerné établira un cahier des charges des pâturages à imposer aux propriétaires des boeufs, et dont les clauses figurent à l'annexe jointe du présent décret.

Le président du comité exécutif du Fivondronana arrêtera ce cahier des charges dont un exemplaire sera remis aux propriétaires de boeufs qui signeront après la mention: "vu, lu et accepté".

Ce cahier des charges sera soumis à l'approbation du président du comité exécutif du Faritany.

Art. 5. - Les Firaisampokontany concernés peuvent prévoir des crédits pour la création de pâturages artificiels dans leurs territoires respectifs. Cette disposition est obligatoire pour les Firaisampokontany où les pâturages naturels ne suffisent plus en quantité et en qualité pour les ruminants.

Art. 6. - La délivrance ultérieure d'une autorisation de mise à feu de pâturage est subordonnée à l'exécution des clauses du cahier des charges.

And. 7 . - Ireo fomba fitahirizana ny vilona dia hampiasaina isaky ny fotoana mety hanaovana izany.

And. 8 . - Izay mety ho fandikana ny fepetra ao amin'nity didim-panjakana ity dia hofaizina araka ny voalazan'ny andininy faha-473 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana, izay tsy misakana ny fampiharana sazy mafimafy kokoa, raha ilaina izany, voalazan'ny hitsivolana laharana faha-60-127 tamin'ny 3 oktobra 1960 momba ny fitsipika mifehy ny tevy sy doro-zavamaniry.

And. 9. - Ny Minisitry ny Atitany, ny Minisitry ny Fiarovana, ny Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitry ny Famokarana eny ambanivohitra sy ny Fanavaozana ny fizakan-tany no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fanantanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Natao tao Antananarivo,
ny 19 jolay 1982.

Didier RATSIRAKA.
Avy amin'ny Filohan'ny
Repoblika Demokratika Malagasy:

Ny Praiminista sady Lehiben'ny
Governemanta,
Colonel Désiré RAKOTOARIJAONA

Ny Minisitry ny Atitany,
AMPY Augustin Portos.

Ny Minisitry ny Fiarovana,
SIBON Guy.

Ny Minisitry ny Fitsarana,
SAMBSON Gilbert.

Ny Minisitry ny Famokarana eny
ambanivohitra sy ny
Fanavaozana ny fizakan-tany,
ANDRIAMANERASOA Nirina Idéal.

Art. 7. - Les méthodes des conservations des fourrages seront pratiquées toutes les fois que cela est possible.

Art. 8. - Sans préjudice de l'application, le cas échéant des peines plus fortes prévues par l'ordonnance 60-127 du 3 octobre 1960 sur le régime des défrichements et des feux de végétation, sera punie des peines fortes à l'article 473 du Code pénal toute infraction aux dispositions du présent décret.

Art. 9. - Le Ministre de l'intérieur, le Ministre de la Défense, Le Ministre de la Justice, le Ministre de la Production agricole et de la Réforme agraire sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Antananarivo,
le 19 juillet 1982.

Didier RATSIRAKA.
Par le Président de la République
Démocratique de Madagascar:

Le Premier Ministre,
Chef du Gouvernement,
Colonel Désiré RAKOTOARIJAONA.

Le Ministre de l'Intérieur,
AMPY Augustin Portos.

Le Ministre de la Défense,
SIBON Guy.

Le Ministre de la Justice,
SAMBSON Gilbert.

Le Ministre de la Production agricole
et de la Réforme agraire,
ANDRIAMANERASOA Nirina Idéal.

TOVANA

BOKIN'ANDRAIKITRA MOMBA NY TANY FIRAOFAM-BILONA

Fivondronam-pokontany ao
.....................................

Firaisam-pokontany ao
...............................................

Sampan-draharahan'ny fampandrosoana ny ambanivohitra ao
............................................................

Anaran'ny tanàna ( na ny mpangataka) :

Isan'ny mpandoa hetra :

Isan'ny mponina rehetra (na ny fianakavian'ny mpangataka) :

Isan'ny omby ananana :

Velaran-tany anton'ity fanomezan'dàlana ity : ...... ha ( ....... m x ........m ).

Halavirany amin'ny toerana fambolen-kazom-pirenena (faritra ivelan'ny toerana) ...... metatra.

Vaninandro handoroana : Eo anelanelan'ny ...... sy ny ...........

FEPETRA ANKAPOBENY

Ny velaran-tany hodorana dia tsy tokony hihoatra nyvelaran-tany firaofam-bilona ho an'ny biby fiompy voafetran'ny fandaharana momba ny fampindimbiasana nataon'ny Sampan-draharahan' ny fampandrosoana ny ambanivohitra miaraka amin'ity.

Ireo fepetra voalaza etsy ambany dia tsy maintsy arahina an-tsakany sy andavany raha tsy izany dia tsy mahazo fahazoan-dàlanan handoro amin'ny manaraka :

a. Ny fandorana dia tsy azo atao raha tsy amin'ny andro antoandro ary amin'ny andro tony, ary eo anatrehan'ny vatan-dehilahy rehetra matanjaka ao anatin'ny Vondrom-bahoaka izay tokony ho efa vonona amin'ny famonoana ny afo izay mety hitatra ivelan'ny toerana voafaritra;

ANNEXE

CAHIER DES CHARGES DE PATURAGES

Fivondronampokotany de.......................................

Firaisampokotany de
...........................................

Service du développement rural de
...........................

Nom du village (ou du demandeur):

Nombre de contribuables:

Chiffre de la population totale (ou de la famille du demandeur):

Nombre de boeufs possédés:

Superficie objet de la présente autorisation .............. hectares (......m x ......m)

Distance du domaine forestier national (limite extérieure du domaine).....................mètres.

Date de mise à feu: Entre le ........... et le ..........

CLAUSES GENERALES

La superficie à incendier ne doit pas dépasser l'étendue du pâturage fixée par le plan de rotation ci-joint établi par le Service du développement rural.

Les prescriptions sous-énumérées doivent être respectées rigoureusement sous peine de non-obtention d'autorisation ultérieure de mise à feu:

a. Les mises à feu ne peuvent être effectuées que de jour et par temps calme et en présence de tous les hommes valides de la Collectivité qui doivent se tenir prêts à intervenir pour combattre l'incendie susceptible de se propager hors des limites prévues.

b. Tsy maintsy manao aro-afo 20 metatra ny sakany mamaritra ny toerana hodorana, mialoha ny fampirehetana ny afo;

c. Aorian'ny niraofan'ny biby ny tsirin'ahitra vaovao sy manomboka ny volana desmbra amin' ny taona anomezana ny fanomezan-dàlana handoro, ny velaran-tany tsirairay avy nodorana dia tsy maintsy volena karazan'ahitra manana hery mahavelona betsaka, araka ny toro-hevitra omen'ireo teknisianina ao amin'ny minisitera misahana ny Fitondran-draharahan'ny rano sy ny ala;

d. Ny fitantanana ny tany tsy voa-janahary firaofan'ny biby sy ny fitantanana ireo zara-tany voa-janahary firaofan'ny biby izay tondroin'ny fandaharana ny fampifandimbiasana azy, dia andraikitry ny teknisianina ao amin'ny ministera miandraikitra ny fitondran-draharahan'ny ranc sy ala izay hanorotoro ireo tompon'omby voakasik'izany eo amin'ny lafiny ara-teknika.

## FAMAIZANA

Ny fandorana mihoatra ny toerana nahazoan-dàlana dia heverina ho toy ny dorotanety ka ho saziana araka izany 6 volana antranomaizina ka hatramin'ny 3 taona ary sazy vola 3 000 ka hatramin'ny 60 000 Ariary, na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, tsy ao anatin'izany ny onitra mety aloa.

## FEPETRA MANOKANA

Ity fanomezan-dàlana ity dia hanankery hatramin'ny ......................................

Natao tao ..................., tamin'ny ...................

Ny Filohan'ny komity mpanantanteraka ao amin'ny Faritany,

Hevitry ny Sampan-draharahan'ny fampandrosoana ny ambanivohitra :

Hita, novakina ary ekena :

Ireo voakasik'izany,

Ao ambadik'ity taratasy ity dia tsy maintsy hisy ny sarintany mazava tsara, sy ny sonian'ny filohan'ny komity mpanantanteraka ao amin'ny Fokontany sy ny mambra roa ao amin'ny komity mpanantanteraka.

b. Un pare-feu de 20 mètres de large doit être établi autour de la parcelle à brûler avant toute mise à feu;

c. Sur chaque parcelle incendiée doit être créé un pâturage artificiel à cultiver en espèces fourragères de haute valeur, sur conseil des techniciens du ministère chargé de l'Administration des eaux et forêts, et ce après le pâturage des nouvelles pousses par le bétail et à partir du mois de décembre de l'année de délivrance de l'autorisation de mise à feu;

d. La gestion de ce pâturage artificiel, ainsi que celui des parcelles de pâturage naturel dont la rotation est prévue au plan incombé aux techniciens du ministère chargé de l'Administration des eaux et forêts qui initieront les propriétaires de boeufs concernés sur le plan technique.

## PENALITES

Tout incendie dépassant les limites autorisées sera considérée comme feu sauvage et sanctionné comme tel d'un emprisonnement de 6 mois à 3 ans et d'une amende de 15.000 à 300.000 FMG, ou de l'une de ces deux peines seulement, sans préjudice des dommages-intérêts.

## CLAUSES SPECIALES

La présente autorisation est valable jusqu'au ..................

Fait à ........................., le .....................

Le Président du comité exécutif du Faritany,

Avis du Service du développement rural:

Vu, lu et accepté:

Les intéressés,

Au verso doivent figurer obligatoirement un plan détaillé et les signatures du président du comité exécutif du Fokontany et de deux membres du comité exécutif.

Hita :

mba hatovàna ny didim-panjakana laharana faha ....... tamin'ny .....................

Ny Filohan'ny Repoblika
Demokratika Malagasy,
Didier RATSIRAKA

Vu:

du ...................................

Le Président de la République
Démocratique de Madagascar,
Didier RATSIRAKA.